19

# NY LITERATIORA ANKAPOBENY

## TANJONA

- Mamaritra ny antsoina hoe « Literatiora » amin'ny ankapobeny.

## LESONA HOTADIDINA

**Famaritana Ankapobeny**

Ny "Literatiora" dia fanehoana an-tsoratra na am-bava, amin'ny fomba kanto (manaitra, manintona, mahasoa), ny hevitra sy ny fihetseham-po, avy amin'ny saina sy ny haingam-panahin'ireo manan-talenta, izay mifanandrify amin'ny zava-misy sy ny toerana ary ny vanim-potoana niainany.

**Famaritana ara-piforonan-teny**

Ny Literatiora dia avy amin'ny teny latina hoe « Literae » manana hevitra hoe « soratra » ; avy amin'izany no nahazoan'ny Frantsay ny hoe « Littérature », izay nadikan'ny Malagasy kosa indray ho « Literatiora ».

**Karazana literationa**

Misy karazany roa ny Literatiora :

- a) Ny Literatiora am-bava dia literatiora tononina, tanisaina fotsiny, andraisan'ny feo sy ny fomba fanononana anjara betsaka. Toy ny angano, ankamantatra, ohabolana, kabary, sôva (Tsimihety), jijy (betsileo),

- b) Ny Literatiora an-tsoratra dia fanehoan-kevitra sy fihetseham-poary aingam-panahy amin'ny alalan'ny soratra ka manome haren-tsaina azo kirakiraina sy tehirizina. Toy ny tononkalo, ny tantara foronina, sombin-tantara, tantara an-tsehatra, lahatsoratra famotopotoran-kevitra.

**Ny anjara asany:**

- Mampifandray ny literatiora:
- Manabe ny literatiora:
- Mampivelatra ny firenena
- Mitaona ny olona hitolona ny literatiora
- Mampiala voly ny literatiora.

**Loharano nipoirany:**
Avy amin'ny zava-misy sy ny manodidina
Avy amin'ny aingam-panahy:

### Sahanasa 1

1) Inona ny antsoina hoe "Literatiora"?
2) Tanisao avy ireo karazana literatiora. Manomeza ohatra isaky ny karazany.
3) Manomeza tombotsoa 3 avy amin'ny literatiora.
4) Mitanisà anarana mpanoratra 3 fantatrao.

## Sahanasa 2

1 . Diniho ireto Literatiora manaraka ireto:

a) Nitady vady Ralanitra

Fahiny, hono, nahatsiaro tena ho irery Ralanitra, ka nadisadisa ary nandefa vinany, fa velom-paniriana te-hanambady. Tsy misy anefa izay vady antonona azy. Ela vao tsaroany fa any, hono, misy vady mendrika sy mifanentana aminy, di any Tany.

Tsy nahatsindry ten any lehilahy ka lasa nanainga an-tongotra, nitondra fo mangetaheta te hanana namana.Tonga tokoa tany amin'ny Tany Ingahy Lanitra, voahaingo tsara, nanao izay hahitana fitia amin'ity vady halaina… .

b) ASA IZANY

Ny masonao no itiavako iny habakabaka iny
Sa ny masonao no tiako di any abakaba-manga!
Asa izany fa ny foko dia mihira hafaliana
Anoloan'ny masonao sy ny lanitra mitranga.

Ny fitsikinao no itiavako ny fivelaran'ny vononkazo
Sa ny molotrao no tiako di any voninkazo ihany!
Asa izany fa ny foko tsy mitsahatra mivazo
Anoloan'ny tsikinao sy ny voninkazo hatrany
………..

d ) Izay mahavangivangy tian-kavana.

2 . Omeo ny karazan'ireo Literatiora ireo.